A Ny fahagagana tao amin'ny fampakaram-bady tao Kana (Jaona 2:1-11):

❖ **Famantarana manamarika ny fiandohan'ny lalana.**

— Mahamenatra ny mpanambady tokoa izany lany divay mandritra ny fampakaram-bady izany. Nefa noho ny fideran'i Jesosy an-tsehatra, dia afaka nanolotra "divay tsara" izy ireo ho toy ny tsara indrindra tamin'ilay lanonana (Jaona 2:1-10).

— Ny fitantaran'i Jaona io fahagagana io dia mampitodika ny saintsika amin'ny rano—mariky ny fanadiovana (Jaona 2:6)—ho amin'ny divay vaovao—izay tandindon'ny fanavotana (1 Kor. 11:25).

B Ny fahagagana tamin'ny zanakalahin'ny tandapa iray (John 4:46-54):

❖ **Famantarana ho an'ireo tsy manam-pinoana.**

— Manam-boninahitra iray nonina tany Kapernaomy, izay sahiran-tsaina ny amin'ny zanany lahy marary, no nanapa-kevitra handeha ho any Kana hangataka amin'i Jesosy mba ho avy hanasitrana ny zanany (Jao. 4:46-47). Raha manao izany Jesosy dia hino Azy izy.

— Ny valintenin'i Jesosy dia maneho fa fantany tsara ny eritreritr'ilay manam-boninahitra (Jao. 4:48). Ny fahagagana amin'ny maha-fahaganana azy dia tsy manaporofo ny maha-Mesia an'i Jesosy (afaka manao fahagagana koa i Satana [Eks. 7:22; Apok. 13:13]).

— Tsy maintsy nanapa-kevitra ilay manam-boninahitra na hino an'i Jesosy alohan'ny hanaovany fahagagana na tsia. Na dia tsy milaza an'izany aza ny fitantarana, dia azontsika an-tsaina ny ranomason'ilay manam-boninahitra rehefa nitalaho ny amin'ny ain'ny zanany, izay niankina tamin'ny finoany (Jaona 4:49).

— Noho ny tenin'i Jesosy, ary na dia tsy nisy porofon'ny fahagagana aza, dia nino izy (Jaona 4:50). Toy izany ny fahatokiany rehefa nanao ny diany mody izy, ka nandany ny alina teny an-dalana. Rehefa nolazaina taminy fa sitrana ny zanany, dia nanamarina fotsiny ny fanasitranana tamin'ny fotoana nilazan'i Jesosy ny teniny izy (Jao. 4:51-53).

D Ny fahagagana tao amin'ny farihin'i Betesda (John 5:1-47):

❖ **Famantarana ho an'ny kivy.**

— Tamin'ireo marary marobe nitangorona teo amin'ny farihin'i Betesda, dia ilay namoy fo indrindra no nofinidin'i Jesosy (Jaona 5:1-5).

— Fantatr'ilay lehilahy marary ny olona iray izay te hanampy azy, tao amin'ny fanontaniana feno fitiavana napetrak'i Jesosy (Jaona 5:6-7). Saingy tsy nanampy azy hanatanteraka fombafombana-finoanoam-poana i Jesosy. Nandidy azy fotsiny Izy hoe: "Mitsangàna! Ento ny fandrianao, ka mandehana." (Jaona 5:8).

— Namaly izany baiko izany ilay lehilahy marary. Nitsangana izy, ary ny rantsany nalemy nandritra ny 38 taona, dia natanjaka indray. Ilay nanao ny tongony no namerina azy tamin'ny laony indray.

— Taty aoriana, dia nolazain'i Jesosy fa vokatry ny fahotany ny aretiny (Jao. 5:14). Mety ho vokatra mivantana na tsia ny fahotantsika ny aretina. Na inona na inona nahatonga azy anefa, dia manana hery mahasitrana ny aretintsika Andriamanitra (Jakoba5:14-15).

❖ **Famantarana ho an'ireo izay minia tsy hahalala.**

— Rariny raha niverina nody nitondra ny entany ilay lehilahy narary rehefa sitrana. Saingy... nandika ny Sabata izy! (Jao. 5:10). Teo anatrehan'izany fiampangana izany dia niaro tena ilay lehilahy ka nilaza fa Ilay nanasitrana azy no nandidy azy hanao izany, ary dia izay ihany (Jao. 5:11-13).

— Noheveriny fa te hidera ny mpanasitrana azy izy ireo, rehefa reny fa Jesosy no nahasitrana azy, ka dia nihazakazaka nilaza tamin'izay nanontany azy izy (Jao. 5:14-15).

— Tsy mitovy anefa ny fihetsiky ny rehetra manoloana ny famantarana nataon'i Jesosy (Jaona 5:16). Fantatr'i Jesosy fa hitarika fitsarana an-tendrony Izy tamin'ny nandidiany an'ilay mararin'ny paralysisa hitondra ny fandriany amin'ny Sabata. Ny tanjony dia ny hahatonga ny mpanohitra Azy hieritreritra izay zava-dehibe kokoa: ny fombafomban'olombelona sa ny fanasitranana olona iray. Nahoana no tsy te hahatakatra izany izy ireo?

❖ **Famantarana tohanan'ny vavolombelona.**

— Rehefa nampangaina ho mpandika Sabata i Jesosy, dia namaly hoe: "Ny Raiko miasa mandraka ankehitriny, ary Izaho koa miasa." (Jaona 5:17). Io fanambarana io dia noraisina ho fanehoana ny maha-Andriamanitra Azy (Jaona 5:18).

— Dingana telo no nentin'i Jesosy niaro tena:

(1) Ny fifandraisany amin'ny Ray (Jaona 5:19-30). Manome Azy fahefana hitsara sy hanangana ny maty mihitsy izany.

(2) Vavolombelona manamafy ny fanambarany:

(a) Jaona Mpanao Batisa (Jao. 5:31-35)

(b) Ny fahagagana ataony (Jao. 5:36).

(d) Ny Ray (Jao. 5:37-38).

(e) Ny Soratra Masina (Jao. 5:39)

(3) Ny hamafin’ny fon’ny mpiampanga Azy (Jaona 5:40-47). Na dia i Mosesy, izay lazainy fa inoany aza, dia hanameloka azy ireo, satria tsy mino an’Ilay nolazainy izy ireo.